



Ben dites-donc, Madagascar n'est pas sortie de l'auberge des bêtises au plus haut sommet.  Je vous laisse lire puis réfléchir profondément…

**TRANSCRIPTION PHONETIQUE EXACTE**

*« Heu, sur les histoires de 4X4, heu c'est très simple hein : heu, ces véhicules, heu, qui sont au nombre de 350, ont été, heu, donnés par quelqu'un que je connaissais pas, à un des candidats, dans le cadre du premier tour. Ce candidat, heu, n'a pas passé au second tour, heu, et on a entendu dire que ces véhicules ont été donnés à d'autres personnes dans le cadre du second tout.*

*Mais lorsque j'étais élu, heu, les propriétaires de ces véhicules nous ont approché au niveau de la Présidence en disant qu'il va offrir, à titre de don, ces véhicules à l'Etat malgache et confiés à la Présidence de la République. Je voudrais vous dire que les propriétaires de ces véhicules sont vraiment les constructeurs de ces véhicules. Il est fabriquant, il n'a pas acheté les véhicules, il est vraiment le fabriquant. Donc, là, je pense que c'est vraiment le propriétaire fabriquant qui donne ses véhicules à l'Etat malgache. On ne peut que les accepter ».*

Vraiment, Madagascar est mal barré avec le nouveau Président élu PAR le peuple malgache. En effet, en acceptant ce « don » dont la valeur marchande s'élève tout de même à des milliards d'ariary, il vient de prendre l'Etat malgache pour une personne physique. Ses conseillers ne lui ont-ils pas expliqué cela ? Et lorsque des sociétés comme **China Sonangol** vous offre des *« dons »* de ce genre ; croyez-moi, ce n'est jamais pour vos beaux yeux. QUELLE EST LA CONTREPARTIE ? Car il y a toujours une contrepartie et je ne cesserai de le rappeler –et le

Président étant expert-comptable n'est pas sans le savoir : dans le domaine de la finance, il n'y a pas de place pour la philanthropie

.




**DIKAN-TANY MALAGASY**

« Raha mikasika ny tantaran'ireo 4X4 dia tsotra : ireo fiara, izay miisa 350 dia nomena olona tsy fantatro, ho ana kandida iray, tamin'ny fiodinana faharoa. Io kandida io moa tsy tafakatra fiodinana faharoa dia nisy feo nandeha fa nomena olon-kafa ireo fiara ireo tamin'ny fiodinana faharoa.

Rehefa voafidy aho dia nanatona anay, eo anivon'ny Prezidancy, ilay tompon'ireo fiara ireo ary nilaza fa ataony fanomezana ho an'ny firenena malagasy ka ny Prezidancin'ny Repoblika no ho tomponandraikitra. Tiako ny milaza aminareo fa ny tompon'ireo fiara anie dia ny mpanamboatra azy ihany. Mpanamboatra izy fa tsy nofidiany ireo fiara ireo, tena mpanamboatra tokoa izy. Ka amiko raha ny tena ny tompony sady mpanamboatra no manome ny fiarany, tsy ho raisina an-tànan-droa ve ? »




Dia io izany ilay hoe ***"kapoka tsy miala vola"*** izany. Fa raha dinihina lalina sao lahy hiafara

amin'ny hoe : dominy tapany handoha erany. Satria na eo amin'ny lafin'ny solika hampandehanana ireo fiara irrreo dia efa poizina ireo fiara ireo. Indrindra moa fa ny fanjakana koa no handoha ny *« chèques carburant »).* Volam-bahoaka koa anie izany e ! Tsy fantatry ny Filoha voafidin'ny Malagasy tokoa io **China Sonangol** io, ka ny nenina moa mandatsa foana. Izy ve moa hiteny hoe avereno ny fiarako ? Tsy misy dikany aminy izany miliara miliara amin'ny vola ariary. Fa ilay fanapaha-kevitry ny Filoha Rajaonarimampianina no tena mahatalanjona. Satria fanapahan-kevitran'olon-tokana *(« décision unilatérale »*), toa milaza fa olo-tsotra sy iray *(« personne physique »*) fa tsy hoe vondron'olona *(« personne morale »*) nampindramina fahefana amina fotoana voafetra ihany. Samy mpanao gaazety sy nianatra lalàna izaho sy Ramatoa Samantha Fox. Fa na tsy tany Harvard kosa aho no nianatra lalàna dia mazava fa efa jadona izany ary hampidi-kizo ho an'ny vahoaka malagasy ny karazana fanapahan-kevitra toa io.

Izany toe-javatra izany no anisan'ny nahatonga ny tolom-bahoaka tamin'ny taona 2009. Ohatrany mikasika ny nividianana Air Force One II ka nahatonga ny mpamatsy vola nanapaka ny *« fanampiany »*, nanomboka ny volana Desambra 2009. K'aiza moa ny olom-pirenena maro ny tsy hilao-bava hoe : ny teo ihany no miverina ! Dia aiza izany ilay resaka Hery *« Vaovao »* amin'izany ? Satria raha orinasa toa io **China Sonangol** io dia tsy mpanome zavatra maimaim-poana, fa misy sandany foana.

**KA INONA NY SANDANY** ? Izay no tian'ny vahoaka malagasy nifidy anao ho fantatra Andriamatoa Filoha Hery Rajaonarimampianina. Ka anisan'ny nifidianao aho ka sarotiny dia sarotiny tokoa amin'ny hoe : hoentinao aiza marina ity Madagasikara malala ity ? Sa teny tsy latsaka sisa ny hoe : ianareo no te-hifidy aho ? Mila valiny matotra, Tompoko, ny vahoaka na nifidy na tsy nifidy anao. Efa tsy eo ambonina tetezana intsony ny Firenena malagasy fa tafiditra ara-dàlana ao anatin'ny Repoblika faha-efatra. Ka nahoana no dia mitady handrava ny fototra ipetrahany sahady, satria tdsy metimety aminao ny *« régime semi-parlementaire* », fa mitady hivarina tamin'ny andron'ny Amiraly Ratsiraka, tsy refesy mandidy ? Mba maka lesona amin'ny Tantara e ! Nefa moa, olona tsy mba nitolona hatramin'izay niainany ireo manodidina anao ka inona moa no iraharahiny an'izany ô ? Tena mbola mitohy ny Tantara ary hitohy ny tolona amin'ny tsy rariny…

**Nandray soratra sy nandika ny tenin'ny Filoha Rajaonarimampianina : Jeannot Ramambazafy**